# 14 NY FANAKAMBANA-TENY

## TANJONA

- Mamantatra ireo fepetry ny fitsipiky ny fanakambanan-teny,
- Manoratra araka ny fitsipi-panakambana-teny, manakambana teny.

## LESONA HOTADIDINA

**FAMARITANA**

Ny atao hoe fanakambanan-teny dia fampifandraisana teny roa na telo ka iharan'ny fiovana farafahakeliny ny iray amin'izy ireo;

Rehefa manao fanakambanan-teny dia zavatra roa no dinihana : ny fepetra sy ny fitsipika.

**1) NY FEPETRA :**

Azo zaraina telo ny fepetra fanakambanan-teny :

- a) Ny teny tsy maintsy akambana

→ Ny fananana arahin-tompo

Ohatra : satroka ankizy >> satrok'ankizy

→ Matoanteny arahina RF mpanao na sehatra

Ohatra : Lalaovina ny ankizy ny baolina >> Lalaovin'ny ankizy ny baolina

- b) Ny teny azo akambana

→ Ny teny voalohany dia miafara amin'ny –ka, -tra, -na ary ny teny faharoa dia miantomboka amin'ny renifeo

Ohatra : Mametraka tanana >> mametra-tanana

→ Misy koa ny teny tsy maintsy tovanana –na alohan'ny hanakambanana azy;

Ohatra : Tompo tany >> tompona tany >> tompon-tany

- d) Ny teny tsy azo akambana

→ Raha tsy mahatanteraka ny fepetra roa voalaza eo ambony dia sarahina fa tsy azo akambana.

Ohatra : Mivarotra anana izy.

Mivarotra dia matoanteny mpanao na sehatra ka ny RF dia tsy ho mpanao na sehatra.

→ Ny teny faharoa dia tsy miantomboka amin'ny renifeo.

Ohatra : Zanaka adala.

Tsy azo akambana satria tsy fananana arahin-tompo satria ilay zanaka no adala

## 2) NY FITSIPIKA :

→ Raha manomboka amin'ny zana-tsoratra ny teny faharoa dia milatsaka ny –a eo amin'ny teny voalohany ary soloina faingo mihantona.

→ Raha miafara amin'ny –ka, -tra, ilay teny voalohany dia milatsaka ireo ary misolo tsipi-panohizana.

→ Raha miafara amin'ny –na ny teny voalohany dia milatsaka ny –a ary soloina tsipi-panohizana ary ny –n miova ho –m rehefa manomboka amin'ny f- sy v- ny teny faharoa.

→

Misy fiovana eo amin'ny fiantombohan'ny teny faharoa rehefa misy tsipi-panohizana :

**v** miova **b**
**h** miova **k**
**z** miova **j**
**r** miova **dr**

**f** miova **p**
**l** miova **d**
**s** miova **ts**

## Sahanasa 1

Akambano ireto teny ireto :

Fanasana + lamba
Zavatra + misy
Kilalao + zaza
Zavatra + olona
Fototra + hevitra
Fitsipika + fifehezana

## Sahanasa 2

Akambano ireto teny anaty (… ) dia hazavao ny fepetra sy ny fitsipiky ny fanakambanan-teny.

- (Zavatra lehibe) teo amin'ny Malagasy ny fitsinjovana sy fandinihana ny hoavin-janany.

………………………………………………………………………………………
Fepetra : ………………………………………………………………………………
Fitsipika : ……………………………………………………………………………

- (Manana vahiny) ry Faniry sy Lalaina.

………………………………………………………………………………………
Fepetra : ………………………………………………………………………………
Fitsipika : ……………………………………………………………………………

- Manamora ny asa fambolena ny fisian'ny (tohoka rano).

………………………………………………………………………………………
Fepetra : ………………………………………………………………………………
Fitsipika : ……………………………………………………………………………

- Mivelona amin'ny (varotra akoho) ny mpiompy.

………………………………………………………………………………………
Fepetra : ………………………………………………………………………………
Fitsipika : ……………………………………………………………………………

- (Zanaka adala) tsy manoa Ray aman-dreny.

………………………………………………………………………………………
Fepetra : ………………………………………………………………………………
Fitsipika : ……………………………………………………………………………